



Français
Malgache

LE MESSAGE DE LA CROIX

Pour les Enfants
et les Adolescents

NY HAFATRY NY HAZO FIJALIANA
HO AN'NY ANKIZY
SY NY ZATOVO

Maria T.Nagel



Maria T. Nagel:

Email: [blessed-books\(at\)outlook\(dot\)com](mailto:blessed-books(at)outlook(dot)com)

Facebook: <https://www.facebook.com/maria.hebga>

Instagram: <https://www.instagram.com/mariagrace333/>

PayPal: [PayPal.Me/MariaTNagel](https://www.paypal.com/paytoemail?email=maria@blessed-books.com)

Le Message de la Croix pour les Enfants et les Adolescents

© 2019, Maria T. Nagel.

Tous droits réservés. Sous réserve des exceptions légales, toute reproduction et représentation partielle ou intégrale, faite, par quelque procédé que ce soit, sans le consentement de l'auteur ou de ses ayants droit, est illicite et constitue une contrefaçon sanctionnée par les articles L.335-2 et suivants du Code de la propriété intellectuelle. Les demandes pour toute autre information devront être directement adressées à l'auteur:

blessed-books@outlook.com
www.iBless.it

Écrit et illustré par Maria T. Nagel.
Conception et mise en page par Maria T. Nagel.

Titre original : The Message of The Cross For Children and Youth Blurb, Inc.
Self-Publishing 2019

Traduit en français par François Chirpaz.
Relecture par Eden Rébora.

Traduit en malgache par Ranoro Lambert.
Relecture par Miora Aline Rajaonarivo, Vonjtitiana Rasoambola.

AVERTISSEMENT

Les images représentées le sont au titre de l'expression artistique de l'illustratrice, et ne sont donc pas destinées à être utilisées comme objets de culte religieux ou de vénération.

FAMPITANDREMANA

Ny sary fanehoana dia nataon'ny mpanao sary ho an'ny fanehoana zavakanto, ary tsy natao hampiasaina ho toy ny fitaovana manampy ny litorijia am-pivavahana na ho hamasinana na hivavahana.



Il y a très longtemps, Dieu le Père était assis sur son trône dans les cieux avec un regard triste. Son Fils unique, Jésus, s'inclina devant lui et demanda:

« Père, qu'y a-t-il ?

- Oh, mon Fils bien-aimé, mon cœur souffre chaque fois que, depuis le paradis, je vois les gens sur terre faire de mauvaises choses,

répondit Dieu le Père.

- Je sais que cela te fait beaucoup de peine, mon Père », fit Jésus.

Taloha ela be, nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianany any an-danitra i Andriamanitra Ray, nalahelo ny endriny. Niondrika teo anatrehany ny Zanany Lahy tokana, Jesosy, ary nanontany azy hoe :

« Ray ô, fa misy inona ?

- Ry Zanako malala, mijaly ny foko, avy eto am-Paradisa, isaky ny mahita olombelona manao ratsy eny ambonin'ny tany aho, hoy Andriamanitra Ray namaly azy.

- Fantatro fa mampalahelo be anao izany, ry Raiko », hoy Jesosy.



Une larme coula le long de la joue de Dieu le Père et il poursuivit:

« Certains d'entre eux croient que je n'existe même pas. Cela me brise encore plus le cœur de savoir que beaucoup d'entre eux ne viendront pas vivre avec moi au ciel quand leur temps sur terre sera achevé.

- Les gens sur terre savent ce qui est bon, mais semblent toujours choisir ce qui est mauvais, répondit Jésus. Nous avons déjà envoyé tant de messagers pour leur parler.

- Je sais, mon Fils. Beaucoup d'entre eux aiment les ténèbres plus que la lumière. »

Dieu le Père essuya les larmes qui gonflaient ses yeux.


Nilatsaka tamin'ny takolakan'Andriamanitra Ray ny ranomaso, ary nanohy izy hoe :

« Misy amin'izy ireo no mino fa tsy misy akory aho. Voamaika mahavaky fo ahy ny mahafantatra fa betsaka amin'izy ireo no tsy hiara-hipetraka amiko aty an-danitra rehefa tapitra ny fotoanany any ambonin'ny tany.

- Fantatry ny olombelona ny zava-tsoa, fa ohatrin'ny misafidy ny ratsy foana izy ireo, hoy Jesosy namaly azy. Efa nandefa iraka maro isika mba hiresaka taminy.

- Fantatro izany, ry Zanako. Maro amin'izy ireo no tia ny maizina mihaotra noho ny mazava. »

Nofafan'Andriamanitra Ray ny ranomasony izay nahabongo maso azy.



« Père, tes prophètes leur ont dit à quel point tu les aimes et que tu peux les aider, quels que soient leurs problèmes. »

Jésus réfléchit un moment en silence, puis continua.

« Ils ont aussi été avertis qu'un mauvais comportement doit être puni, mais même avec tout cela, ils refusent de changer. Que pouvons-nous faire d'autre ?

« Ray ô, nilaza tamin'izy ireo ny mpaminaninao fa tena tia azy ireo ianao ary afaka manampy azy, na inona na inona ny olany. »


Nieritreritra kely am-pahanginana i Jesosy, ary nanohy hoe :

« Efa nampitandremana koa izy ireo hoe tsy maintsy saziana ny fitondran-tena ratsy. Fa na izany rehetra izany aza, dia tsy mety miova izy ireo. Inona no azontsika atao ankoatra izay ?

- Devrions-nous envoyer un autre messager ?
demanda Jésus.

- Mila mandefa iraka hafa indray ve isika?
hoj Jesosy nanontany azy.





- Je ne veux pas envoyer des messagers tous les ans. »

Dieu le Père leva un doigt.

« Je sais exactement quoi faire.

- Que feras-tu, Père ?

- Tsy te handefa iraka isan-taona aho. »

Nanainga tanana Andriamanitra Ray.

« Mazava amiko ny tokony atao.

- Inona no ataonao, ry Ray?



- Je ferai quelque chose de nouveau. Au lieu d'uniquement sauver quelques personnes, je sauverai toutes les nations du monde.

- Anao zava-baovao aho. Tsy hamonjy olona vitsivitsy fotsiny aho, fa hamonjy ny firenena rehetra eran-tany.

- Comment, Père ? demanda Jésus.

- J'ai besoin de quelqu'un qui acceptera d'être puni pour les péchés du monde entier » dit Dieu.

Jésus regarda profondément dans les yeux de son Père.

« Je crois que je comprends ton plan.

- Ce doit être quelqu'un en qui j'ai une intime confiance. Quelqu'un d'innocent et de pur comme un agneau sans taches.


- Anao zava-bao aho. Tsy hamonjy olona vitsivitsy fotsiny aho, fa hamonjy ny firenena rehetra eran-tany.

- Ahaona izany, ry Ray? hoy Jesosy nanontany azy.

- Mila olona iray aho izay hanaiky ho saziana ho an'ny fahotan'izao tontolo izao», hoy Andriamanitra. Nijery tsara ny mason'ny Rainy i Jesosy.

« Mino aho fa azoko ny planinao.

- Tokony ho olona tena azoko itokisana izany olona izany. Olona tsy manan-tsiny sady madio tanteraka, toy ny zanak'ondry tsy misy pentimpentina.



- Père, envoie-moi. »

Jésus regarda profondément dans les yeux de son Père et le supplia,

« Laisse-moi être l'Agneau qui enlèvera d'eux tous leurs péchés. »

Le regard triste sur le visage de Dieu disparut complètement, remplacé par un sourire.

« Oh, mon Fils, mon cœur se réjouit à présent ! Oui, c'est toi que j'enverrai. Quiconque t'écouterà et se repentira de ses péchés, sera pardonné.

- Ray ô, iraho aho. »

Nijery lalina ny mason'ny Rainy i Jesosy ary nitalaho taminy hoe:

« Avelao aho no ho ilay Zanak'Ondry izay hanaisotra ny fahotan'izy ireo rehetra . »

Niala tanteraka teo amin'ny tarehan'Andriamanitra ny fijeriny feno alahelo, nosoloiny tsikitsiky.

« Ô, ry Zanako, faly ny foko ankehitriny ! Eny, ianao no irahako. Na iza na iza hihaino anao sy hibe-baka amin'ny fahotany, dia ho avela ny helony.



- Et nous leur construirons de belles maisons où ils pourront vivre avec nous pour l'éternité.»

Jésus passa ses bras autour du cou de son Père.

« Oh, Père, tu es si bon et tu rends l'impensable possible. »

Après un long câlin, Dieu le Père dit:

« À présent écoute, mon Fils. Parce que tu seras puni pour les gens de cette génération et de toutes les générations à venir, le châtiment sera très douloureux.

- Ary hanangana trano mahafinaritra ho an'izy ireo isika, mba hahafahany hiara-hiaina amintsika mandrakizay.»
Namihina ny Rainy i Jesosy.

« Ray ô! Tena tsara ianao ary ataonao tanteraka izay tsy azo noeritreretina akory.»

Rehefa avy namihina azy elaela, dia niteny Andriamanitra Ray hoe :

« Henoy izao, ry Zanako : satria ho saziana ho an'ny taranaka ankehitriny sy ho an'ny taranaka ho avy ianao, dia ho mafy tokoa ny saziao.



- Je crois que je comprends ce qui m'attend. »

Jésus regarda par les portes du paradis et aperçut la Terre .
« Je serai également puni pour les péchés de ceux qui naîtront et accompliront de mauvaises choses dans le futur ?

- Oui, c'est exact, mon Fils. »

Dieu le Père plaça son bras autour de l'épaule de Jésus.

« Tu dois aussi devenir un être humain, comme eux. C'est la seule façon de leur enseigner ce qu'ils ont besoin d'apprendre.

- Oui, mon Père. »

Jésus pensa à toutes les personnes qui avaient besoin d'aide. Puis il demanda:

- Azoko tsara izao ny zavatra miandry ahy. »

Nijery ny vavahadin'ny lanitra i Jesosy ary nahita ny Tany.

« Ho saziana noho ny fahotan'ny olona vao ho teraka mpanao ratsy amin'ny hoavy koa ve aho?

- Eny, izany indrindra, ry Zanakano. »

Nametraka ny tanany teo an-tsorik'i Jesosy Andriamanitra Ray.

« Tsy maintsy lasa olombelona koa ianao, ohatr'azy ireo. Izay ihany no fomba hampianarana azy ireo ny zavatra tokony hianarany.

- Eny, ry Raiko. »

Nahatsiaro ireo olona rehetra mila fanampiana i Jesosy. Dia nanontany izy hoe:



« Père, puis-je savoir comment je serai puni ? »

Dieu le Père serra les mains de Jésus dans les siennes et répondit:

« Mon Fils bien-aimé, ton corps traversera beaucoup de douleurs. »

Dieu désigna du doigt les mains et les pieds de Jésus.

« Tes mains et tes pieds seront cloués sur une croix.

- Je comprends. Je dois être blessé pour qu'ils soient guéris. »

Jésus regarda ses mains.

« Ray ô, azonao lazaina ahy ve ny fomba hanasaziana ahy? »

Noraisin'Andriamanitra Ray ny tanan'i Jesosy, ary namaly izy hoe:

« Ry Zanako malala, hiaritra fanaintainana maro be ny tenanao. »

Notendren'Andriamanitra ny tanana sy ny tongotr'i Jesosy.

« Ho fantsihana amin'ny hazo fijaliana ny tananao sy ny tongotrao.

- Hay, tsy maintsy mijaly aho mba hahatonga azy ireo ho sitrana. »
Nojeren'i Jesosy ny tanany.



« Tu mourras d'une douloureuse agonie sur une croix.

- Je dois souffrir pour que leur douleur leur soit enlevée, et je dois être cloué sur une croix afin que leurs péchés soient cloués sur la croix.

- C'est exact et trois jours après ta mort, je te ramènerai à la vie.

- Je serai ressuscité pour qu'ils puissent avoir une nouvelle vie. »

« Ho faty eo ambony hazo fijaliana ianao rehefa avy nijaly sy nangirifiry fatratra.

- Tsy maintsy mijaly aho mba hanaisotra ny fanaintainan'izy ireo, ary tsy maintsy ho fantsihina amina hazo fijaliana aho mba hotsatohina amin'ny hazo fijaliana ny fahotan'izy ireo.

- Izany tokoa, ary telo andro aorianan'ny hahafatesanao, dia ho velomiko indray ianao.

- Hatsangana amin'ny maty aho mba ahatonga azy ireo hanana fiainam-baovao. »

Dieu le Père leva triomphalement les bras et dit:

« Et tu vivras pour l'éternité pour qu'ils puissent vivre eux-mêmes éternellement ! La croix deviendra alors un symbole de mon amour et de mon espérance pour toute l'humanité. La croix deviendra également un symbole pour toi, Jésus le Messie, qui vient pour donner, guérir et restaurer. »

Nanandraatra ny tanany ho mariky ny fandresena
Andriamanitra Ray ary nilaza hoe :

« Ary ho velona mandrakizay ianao mba ho velona mandrakizay ihany koa izy ireo! Ho lasa famantarana ny fitiavako sy ny fanantenako ho an'ny olombelona rehetra ny hazo fijaliana. Ho lasa famantarana ho anao ihany koa, Jesosy ilay Mesia, tonga hanome, hanasitrana sy hanavao indray. »



Jésus est vivant et il t'aime.
Velona Jesosy ary tia anao izy.

Les lecteurs pourront entrevoir les coulisses du paradis dans le cœur tendre de Dieu le Père lorsqu'Il pensa à un plan pour racheter les hommes qu'il aime tant. Les enfants ainsi que les adolescents auront une compréhension approfondie de la mission d'enseignement, de guérison et de salut de Jésus.

Ce livre chrétien illustré est une merveilleuse ressource pour les familles, les églises, les écoles du dimanche, les éducateurs chrétiens et l'enseignement à domicile qui ont pour mission d'éclairer de petites âmes et d'enseigner aux enfants la mort de Jésus sur la croix.

L'art charismatique chrétien touche le cœur et complète magnifiquement la vérité délivrée par cet ouvrage.

Ny mpamaky dia hahazo topimaso ny ambadiky ny sehatry ny lanitra, ny ao anatin'ny fo feno fahatsapana an'Andriamanitra Ray, tamin'ny noeritreritra izy ny momba ny drafitra hanavotana ny olombelona izay tiany tokoa. Ny ankizy sy ny zatovo dia hahazo tsara ny momba ny antony nanirahana an'i Jesosy : hampianatra sy hanasitrana ary hanavotra.

Ity boky an-tsary kristianina ity dia loharano mahafinaritra ho an'ny fianakaviana, ny fiangonana, ny sekoly alahady, ny fampianarana any an-trano ary ny mpanabe kristianina izay miandraikitra ny fitoriana sy ny fanazavana ny fanahy kely ary mampahafantatra ny ankizy ny momba ny fahafatesan'i Jesosy teo ambony ny hazo fijaliana.

Ny kanto kristianina feno aigam-panahy dia manohina ny fo ary mameno tsara tokoa ny fahamarinana entin'ity boky ity.

